REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

Antananarivo, faha 11 jona 2026

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**
------------------

# FILAZANA

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia anisan'ny mitana andraikitra lehibe amin'ny fampiharana ireo politika sy drafitra ara-toekarena ho an'ny fampandrosoana, ary ireo laharam-pahamehana voafaritry ny Fitondrana Fanavaozana ny Repoblika.

Ny fampidiran-ketra ao amin'ny kitapombolam-panjakana dia anisan'ny fototra ahafahana mamatsy ireo tetikasa maro entina hampandrosoana ny toekarena sy hanasoavana sosialim-bahoaka.

Mikasika ny haba amin'ny fiara enti-milina na "taxe sur les véhicules à moteur" (TVM) manokana, dia efa tao anatin'ny Volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2026 izy io, izay efa nolanian'ny Governemanta mialoha ny fijoroan'ny Fitondrana Fanavaozana. Maro ireo andininy efa nasiam-panitsiana tao anatin'izany Volavolan-dalàna izany, nandritry ny adihevitra sy lahadinika teny amin'ny Antenimiera roa tonta, izay nifantoka indrindra tamin'ny hetahetam-bahoaka.

Mba tsy hampikatso ny raharaham-panjakana dia tsy maintsy nolaniana tao anatin'ny fotoana fohy sy voafetra ny Volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2026.

Kanefa, ho fanohizana ny fanatanterahana ireo vinam-panavaozana sy ireo ezaka entina hanaingana ny toekarena dia tsy maintsy atao ny fanisiam-panitsiana ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2026 izay entina ho dinihina mandritra ny fivoriambe ara-potoanan'ny Antenimieram-pirenena 2026.

Ho fitsinjovana ny tombontsoan'ny besinimaro dia miato ny fampiharana ny TVM. Ny fanafoanana izany dia entina ho isan'ny lahadiniky ny asam-baomiera sy ny fivoriamben'ireo solombavambahoaka eny anivon'ny Antenimieram-pirenena mandritry ny fandaniana ny Volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026.

Manentana hatrany ny isam-batan'olona mba hanatanteraka ny adidy masina ara-ketra, izay anisan'ny andry lehibe ahafahana manatanteraka ny Fanavaozana izay andrandrain'ny Malagasy tsivakivolo. Taratry ny fanovana ireo vokatra efa azo tsapain-tanana eo amin'ny lafiny foto-drafitrasa sy ny fanatsarana amin'ny ankapobeny ny sosialim-bahoaka.

Ny Minisitra